# Lesona 11: Fitantanam-Pananana sy Iraka

## A. Antso ho amin'ny fahalalahan-tanana

1. Inona no toromarika nomen'i Paoly tao amin'ny taratasy voalohany nosoratany ho an'ny Kristiana tao Korinto, momba ny famoriam-bola ho an'ny Kristiana tao Jerosalema? 1 Korintiana 16:1-2
2. Ahoana no nandraisan'ny Kristiana tany Makedonia ny antso nataon'i Paoly? 2 Korintiana 8:1-4
3. Inona no antso fanampiny nataon'i Paoly tao amin'ny taratasy faharoa nosoratany ho an'ny Kristiana tao Korinto? 2 Korintiana 9:1-5
4. Zarao ny antso iray ho amin'ny fahalalahan-tanana izay nanohina ny fonao.

## B. Taratry ny fahalalahan-tanan'Andriamanitsika

1. Araka ny voalazan'i Paoly, ahoana no nanehoana ny fahalalahan-tanan'Andriamanitra? 2 Korintiana 8:9
2. Ahoana no nanasongadinan'i Paoly ny fahalalahan-tanan'Andriamanitra ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Kristiana tao Filipy? Filipiana 2:5-8
3. Inona ko any andininy hafa ao amin'ny Soratra Masina izay manasongadina ny fahalalahan-tanan'Andriamanitra? Fitomaniana 3:22-24, 1 Jaona 3:1, Jaona 3:16, sns.
4. Ahaona ny hevitrao momba ilay fanomezana maimai-poana avy amin'i Jesosy mba hamonjena antsika amin'ity tontolo ravan'ny ota ity?
5. Oviana ianao no nanaiky an'io fanomezana maimai-poana avy amin'i Jesosy ho Mpamonjy anao manokana io?

## D. Toe-tsaina mahalala-tanana

1. Ahoana no hihoaran'ny toe-tsaina mahalala-tanana mihoatra noho izay antenaina? 2 Korintiana 8:5
2. Amin'ny fomba ahoana no ahitana taratry ny toe-tsaina mahalala-tanan'Andriamanitra ny fanolorantsika ny tenantsika, ankoatra ny fanomezana ara-materialy? (Jakoba 1:17, Jaona 3:16, Lioka 11:13, sns.)
3. Inona avy ireo foto-kevitra lehibe momba ny fanomezana hita ao amin'ny 2 Korintiana 9:7?
4. Mety misy olona manome ny ampahafolon-karena sy fanatitra noho ny fahatsapana ho voatery na noho ny tahotra ny voka-dratsy mety hitranga. (Malakia 3:8-9) Inona no fitahiana very rehefa manome amin'izany toe-tsaina izany isika?
5. Nahoana no tokony hialantsika ny fampitahana ny fahalalahan-tanantsika amin'ny an'ny hafa? 2 Korintiana 8:3, 12
6. Zarao ny fotoana iray nahitanao olona nanome tamim-pifaliana.
7. Nahoana no tena ilaina ny manana toe-tsaina mahalala-tanana raha te hanatanteraka ny iraka hampita amin'izao tontolo izao ny hafatra momba ny fanantenana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy isika?
8. Zarao ny ohatra iray momba ny mpanara-dia an'i Jesosy voalohany, izay nanome tamim-pahalalahan-tanana mba hampandrosoana ny asan'Andriamanitra.
9. Zarao ny fotoana iray nahitanao olona naneho toe-tsaina mahalala-tanana rehefa nizara ny fahamarinana momba an'i Jesosy tamin'ny hafa izy.
10. Ahoana no fomba itarihan'Andriamanitra anao mba ho mahalala-tanana amin'ny volanao sy ny fotoananao?